

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
*Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana*

**LOI n ° 2001 - 007**

**autorisant la ratification de l'Accord de Crédit de Développement conclu le 22 mai 2001 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement relatif au financement du Projet de Développement Communautaire - PDC ( Crédit n° 3498-MAG)**

**EXPOSE DES MOTIFS**

Suivant l'Accord de Crédit (Crédit n° 3498-MAG) en date du 22 mai 2001, la République de Madagascar a contracté auprès de l'Association Internationale pour le Développement, un crédit équivalent à QUATRE VINGT CINQ MILLIONS DEUX CENT MILLE DROITS DE TIRAGES SPECIAUX ( 85.200.000 DTS).

Ce crédit est destiné à financer le Projet de Développement Communautaire.

**I - DESCRIPTION DU PROJET :**

Le Projet est administré par le Fonds d'Intervention pour le Développement (FID) en accord avec l'Association Internationale de Développement (IDA) et le Gouvernement.

Il comprend trois composantes principales :

- **Composante « PROJETS COMMUNAUTAIRES »** : le Projet de Développement Communautaire finance les projets prioritaires compris dans le Plan Communal de Développement à travers les associations des bénéficiaires.

Les projets éligibles comprennent des infrastructures sociales et économiques et s'étendent sur tout le territoire.

- **Composante « FINANCEMENT DIRECT DES COMMUNES »** : le Projet de Développement Communautaire transfère des fonds

directement aux communes pour leur permettre de réaliser des projets et activités prioritaires de leur Plan Communal de Développement. Cette composante est une expérience pilote, mais intéresse les communes des six Provinces Autonomes de Madagascar.

- **Composante « RENFORCEMENT DES CAPACITES »** : elle vise à améliorer la qualité des prestations des partenaires du Fonds d'Intervention du Développement, à savoir : i) les communes, ii) les associations des bénéficiaires, iii) les organismes prestataires de services dont les petites entreprises et à accroître leur capacité d'intervention.

La date de clôture du Projet sera le 30 juin 2007.

## **II - CONDITIONS FINANCIERES DU PRET ADDITIONNEL :**

- **Montant** : QUATRE VINGT CINQ MILLIONS DEUX CENT MILLE DROITS DE TIRAGES SPECIAUX ( 85.200.000 DTS) ;
- **Durée totale** : 40 ans dont 10 ans de différé ;
- **Remboursement du principal** : par échéances semestrielles payables le 01 mai et le 01 novembre de chaque année à compter du 01 mai 2011.

La dernière échéance étant payable le 01 novembre 2040.

Chaque échéance, jusqu'à celle du 01 novembre 2020 comprise, est égale à un pour cent (1%) dudit principal et chaque échéance postérieure est égale à deux pour cent (2%) dudit principal.

- **Commission d'engagement** : (due sur le principal du crédit non retiré) taux annuel de un demi de un pour cent (1/2 de 01%) par an, payable le 01 mai et le 01 novembre de chaque année ;
- **Commission de services** : taux annuel de trois quart de un pour cent (3/4 de 1%) sur le principal du crédit retiré et non encore remboursé payable semestriellement le 01 mai et le 01 novembre de chaque année.

Aux termes de l'article 82. 3, paragraphe VIII de la Constitution :

« La ratification ou l'approbation ..., de traités ou d'accords..., qui engagent les finances de l'Etat, ..., doit être autorisée par la Loi ».

Tel est, l'objet de la présente Loi.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
*Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana*

**LOI n ° 2001 - 007**

**autorisant la ratification de l'Accord de Crédit de Développement conclu le 22 mai 2001 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement relatif au financement du Projet de Développement Communautaire - PDC ( Crédit n° 3498-MAG).**

L'Assemblée nationale et le Sénat ont adopté en leur séance respective en date du 03 juillet 2001 et du 23 juillet 2001, la Loi dont la teneur suit :

**ARTICLE PREMIER** : Est autorisée la ratification de l'Accord de Crédit de Développement conclu le 22 mai 2001 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement relatif au financement du Projet de Développement Communautaire - PDC (Crédit n° 3498 - MAG), d'un montant de 85.200.000 DTS (QUATRE VINGT CINQ MILLIONS DEUX CENT MILLE DROITS DE TIRAGES SPECIAUX).

**ARTICLE 2** : La présente Loi sera publiée au Journal Officiel de la République.

Elle sera exécutée comme Loi de l'Etat.

**Antananarivo, le 23 juillet 2001.**

**LE PRESIDENT DU SENAT,  
NATIONALE,**

**LE PRESIDENT DE L'ASSEMBLEE**

**RAKOTOMANANA Honoré.**

**ANDRIANARISOA Ange C. F.**

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
*Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana*

-----

**LALANA LAHARANA FAHA 2001 - 007**

**anomezan-dàlana ny fankatoavana ny Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana tamin'ny faha 22 mey 2001 ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Fikambanana Iraisam-pirenena ho amin'ny Fampandrosoana (IDA) momba ny famatsiam-bola ny Tetikasa ho an'ny Fampandrosoana ny Vondrom-bahoaka - PDC (Crédit n° 3498 - MAG).**

**FAMELABELARANA NY ANTONANTONY**

Araka ny Fifanarahana Fampisamboram-bola (Crédit n° 3498-MAG) tamin'ny faha 22 mey 2001, ny Repoblikan'i Madagasikara dia nitrosa vola mitetina ROA HETSY SY DIMY AMBY VALOPOLO TAPITRISA DTS (85.200.000 DTS) tamin'ny Fikambanana Iraisam-pirenena ho amin'ny Fampandrosoana (IDA).

Izany vola izany dia natokana ho famatsiana ny Tetikasa ho an 'ny Fampandrosoana ny Vondrom-bahoaka .

**I - TOETOETRY NY TETIKASA**

Ny Tetikasa dia tantanan'ny Tahiry Irotsahana an-tsehatra amin'Asa Fampandrosoana (FID) izay nahazo alàlana tamin'ny Fikambanana Iraisam-pirenena ho amin'ny Fampandrosoana (IDA) sy ny Governemanta.

Ny Tetikasa dia ahitana sokajy telo lehibe :

**1. Sokajy Tetikasa ho an'ny Vondrom-bahoaka** : ny Tetikasa ho an'ny Fampandrosoana ny Vondrom-bahoaka dia mamatsy vola ireo tetikasa atao laharam-pahamehana tafiditra ao amin'ny Planin'ny kaominina ho an'ny Fampandrosoana tanterahin'ny fikambanan'ny mpahazo tombontsoa ;

Ny tetikasa azo fidiana dia misy fotodrafitrasa ara-tsosialy sy ara-toekarena ary manerana ny firenena.

**2. Sokajy Famatsiam-bola mivantana ny kaominina** : ny Tetikasa ho an'ny Fampandrosoana ny Vondrom-bahoaka dia mamindra vola mivantana ho an'ny kaominina mba ahafahan'izy ireo manatanteraka tetikasa na asa atao laharam-pahamehana voafaritry ny Planin'ny kaominina ho an'ny Fampandrosoana. Ity karazany ity dia fanandramana, kanefa mahakasika ny

Faritany Mizakatena enina eto Madagasikara ;

**3. Sokajy Fanamafisana ny Fahaiza-manao** : mitsinjo ny fanatsarana ny zavatra ataon'ny mpiray antoka amin'ny Tahiry Irotsahana an-tsehatra amin'ny Asa Fampandrosoana izay ahitana : i) ny kaominina, ii) ny fikambanan'ny mpahazo tombontsoa, iii) ny fikambanan'ny mpandraharaha ao anatin'izany ireo orin'asa madinika sy fampitomboina ny fahaiza- manaon'izy ireo eo am-perin'asa.

Ny fahavitan'ny Tetikasa dia amin'ny faha 30 jona 2007.

## **II - FEPETRAN'NY FAMPINDRAMAM-BOLA :**

- **Vola notrosaina** : ROA HETSY SY DIMY AMBY VALOPOLO TAPITRISA DTS ( 85.200.000 DTS) ;
- **Faharetan'ny famerenam-bola** : 40 taona ao anatin'izay ny 10 taona tsy andoavana ;
- **Famerenana ny renivola** : isaky ny enim-bolana, ka aloa ny faha 01 mey sy ny faha 01 novambra isan-taona manomboka ny faha 01 mey 2011.

Ny fandoavam-bola farany dia ny faha 01 novambra 2040.

Ny fe-potoana famerenana tsirairay, hatramin'ny faha 01 novambra 2020, dia mitovy amin'ny iray isan-jaton'ny renivola ary ny fe-potoana fandoavana aoriana dia mitovy amin'ny roa isan-jaton'ny renivola ;

- **Tambim-panekena** : aloa amin'ny renivola nindramina nefa tsy nalaina ary tsy mihoatra ny iray isan-jato isan-taona ny ampahany, aloa ny faha 01 mey sy ny faha 01 novambra isan-taona.
- **Tambiny amin'ny fampiasam-bola** : ampahany telo ampahefatra ny iray isan-jato (3/4-n'ny 1%) isan-taona amin'ny renivola nalaina ka mbola tsy voaefa ary aloa isaky ny enim-bolana ny faha 01 mey sy ny faha 01 novambra isan-taona.

Araka ny voalazan'ny andininy faha-82.3, paragrafy VIII ao amin'ny Lalàmpanorenana : “ Tsy maintsy lalàna no manome alàlana hankatoavana... ny fifanarahana ... izay mampiditra andraikitra ho efaina amin'ny volam-panjakana, ...”

Izany sy izany, no antonanton'ity Lalàna ity.

**REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA**  
*Tanindrazana - Fahafahana - Fandrosoana*

-----

**LALANA LAHARANA FAHA- 2001 - 007**

**Anomezan-dàlana ny fankatoavana ny fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana tamin'ny faha 22 mey 2001 ifanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sy ny Fikambanana Iraisam-pirenena ho amin'ny Fampandrosoana (IDA) momba ny famatsiam-bola ny Tetikasa ho an'ny Fampandrosoana ny Vondrom-bahoaka - PDC (Crédit n° 3498 - MAG).**

Nolanian'ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona tamin'ny fivoriana izay nataony avy ny faha 03 jolay 2001 sy faha 23 jolay 2001, izao Lalàna manaraka izao :

**ANDININY VOALOHANY** : Omen-dàlana ny fankatoavana ny Fifanarahana Fampisamboram-bola ho amin'ny Fampandrosoana tamin'ny faha 22 mey 2001 ifanaovan'i Repoblikan'i Madagasikara sy ny Fikambanana Iraisam-pirenena ho amin'ny Fampandrosoana (IDA) momba ny famatsiam-bola ny Tetikasa ho an'ny Fampandrosoana ny Vondrom-bahoaka izay mitetina ROA HETSY SY DIMY AMBY VALOPOLO TAPITRISA DTS ( 85.200.000 DTS).

**ANDININY FAHAROA** : Havoaka amin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika izao Lalàna izao.

Hankatoavina izany fa Lalàm-panjakana.

**Antananarivo, faha-23 jolay 2001**

**NY FILOHAN'NY ANTENIMIERANDOHOLONA, NY FILOHAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA,**

**RAKOTOMANANA Honoré.**  
F.

**ANDRIANARISOA Ange C.**

